## IVATO 4

# VEHIVAVY HITA FATY TAO AN-TRANONY, EFA SIMBA TANTERAKA NY LOHANY

## MARINA IZANY ! 7

**MIHARIHARY LOATRA...**

## RANDRIANASOLO ALYAH 3



**ZAZAVAVIKELY TERAKA SASAK'ALIN'NY NOELY**


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7754 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 26 desambra 2023


## NAIVO RAHOLDINA ANTANANDRANO 3

**NAHAZO DIDY RAIKITRA NY MPANDOVA, ANDRASANA**



## FIKAMBANANA ARA-DRAZANA ATSIMO ANDREFANA 7

# MITAKY NY TOHIN'ILAY FITIFIRANA NAHAFATY OLONA 5 TENY ANDOHANIMANDROSEZA



## AJSM 2

**NODIMANDRY I DONGA WILLIAM**

## JERRY MARCOSS 2



**NATAO MARIAZY NY SABOTSY TEO**

## ANOSIPATRANA 4

# RAIKITRA NY FIFAMPITIFIRANA, JIOLAHY 2 MATY, POLISY IRAY NARATRA






Jerry Marcoss

# Vita mariazy tamin'ny sabotsy

Natao mariazy tamin'ny sabotsy lasa teo tany Nosy be ny mpanakanto Jerry Marcoss. Efa nivady nandritra ny 17 taona moa izy sy ity vehivavy izay nampakariny ho vady ity ary efa niteraka roa fa izao kosa vao niroso tamin'ny fanamasinana ny fanambadiany izy ireo. Teny amoron-dranomasina no nanaovan'izy ireo ny mariazy ary ankoatra an'ireo namana sy fianakaviana dia nanasa mpanakanto maro be ihany koa izy ireo hanatrika izany. Nafana dia nafana ny lanonana tany an-toerana, amin'ny maha hoe mpanakanto izay tokoa mantsy no natao mariazy dia niavaka hatrany ny fiarahana. Teo amin'ny fitafiana ihany koa dia niavaka kely ny akanjo nanaovan'izy ireo taorian'ny fanamasinana.

**Tanya.R**

Kick boxing - "Grand défi"

# Nosembanan'ny andro ratsy ny ady

Tontosa ny faran'ny herinandro teo taty amin'ny torapasik'i Manakara, ilay fifaninanana "Grand défi", ho an'ny taranja Kick boxing. Ady 16 no voalahatra saingy noho ny hetraketraky ny natiora, ady 10 ihany no vita, tsy afaka notohizana kosa ireo ady 6 hafa satria nijojo ny orana. Na izany aza, nisaotra sy niala tsiny tamin'ireo vahiny maro tonga taty an-toerana ny klioban'ny Alpha Kick, mpikarakara miaraka amin'ny federasiona, izay nampanantena fa mbola hisy fotoana hamerenana iny hetsika iny amin'ny manaraka. Raha ny vokatra tamin' ireo ady vita dia toy izao. Ho an'ny Classe B: Discipline Low kick (-54kg) : Christ (Alpha Manakara) nandresy an'i Justin ( Farafangana).



**Anisan'ny ady nampitsanga-mitoetra ny azy mirahalahy ireto.**

Ho an'ny latsaky ny 57kg: Danielson (Alpha Manakara) nandavo an'i Eric (3FB Tana). Teo amin'ny latsaky ny 57kg hatrany, Stephine (Fianarantsoa) nampiondrika an'i Giuliano (Farafangana). Teo amin'ny latsaky ny 40kg junior : Michel (Alpha Manakara) nandresy an'i Brony (Tuléar). Ho an'ny Classe A: (-57kg): Njara (Alpha Manakara) nampiondrika an'i Babis ( Tuléar). Classe A:Discipline K1 rules -51kg: Mamy ( Tana) nandresy an'i Parfait (fianarantsoa). (54kg) : Jonathan ( Tana) nandavo an'i Marco (Farafangana). (-57kg): Rosalde (Tuléar) nampiondrika an'i Haritiana (Tana). Discipline Low kick classe A: -51kg: Vazaha (Tana) nandresy an'i Fidèle (Fianarantsoa). (-60kg): Vladis Duco (COSFA) nandavo an'i Mampisaina (Tuléar).

**Rabenaivo**

Ligy - CEBB Analamanga

# Nahatratra 158 ny mpilalao niatrika ny fiofanana "Camp Régional U16"

Fahombiazana no azon'ny Ligin'Analamanga, tantanin' Atoa Hery Andriatsima, sy ny "Conseil des Entraîneurs de Basket-Ball Analamanga", sahanin'Atoa Haja Randrianarimanana, tamin'ny fanaovana "Camp Régional U16", nanofanana an'ireo mpilalao zazalahy sy zazavavy latsaky ny 16 taona, nandritra ny roa andro (23-24 / 12 / 2023), teny amin'ny kianjan'ny Oniversite-n' Ankatso. Nahatratra 158 ny isan'ireo mpilalao ka 90 ny zazalahy ary 68 ny zazavavy, izay teo ambany fanofanan'ireo mpanazatra 15 avy tamin'ny "Sections" dimy mandrafitra ny ligin'



**Tombony ho an'Analamanga ny fananany ekipa sy mpilalao maro be !**

Analamanga. Lafin-javatra maro no nampitaina tamin' ireo mpilalao (tekinika / takitika amin'ny filalaovana basket-ball, famolavolana ara-tsaina, fahaza-miaina anaty sy ivelan'ny kianja…), izay heverina fa andry iankinan'ny basket-ball malagasy atsy ho atsy. Nentina nanatanteraka an'izao fiofanana izao dia nisy sarampandraisana anjara 15.000 Ariary isaky ny mpilalao, izay samy nitondra baolina iray avy, nentina nampianarana azy ireo. Niantohan' ny mpikarakara kosa ny famatsiana sakafo, ody ambavafo, nanohanana azy ireo nandritra ny roa andro. Tao anatin'ny hafaliana tanteraka no nentin'izy ireo niatrika ny fampianarana azy. Hirian'ny ray amandrenin'ireo mpilalao tokoa ny hanatanterahana ny andiany faharoa, satria santatra am-bavarano ihany iny natao teny Ankatso iny ka tsara tohizina.

**aris rafaly**

Fikambanana SOLIKA GROUPE

# Namboly hazo tamin'ny sabotsy lasa teo

Nanatanteraka fambolenkazo ny fikambanana Solika groupe tamin'ny sabotsy lasa teo. Zanakazo 620 mahery no voavolin'izy ireo tamin'izany ary nilaza ny tompon'andraikitra iray fa tsy hijanona eo amin'ny fambolena fotsiny akory izy ireo fa hanara-maso izany mihitsy ihany koa. Ankoatra azy ireo dia nisy fikambanana maro hafa toy ny Bondy Madagasikara, ny Leader's club gestion Ankatso ary ny "association des pharmaciens de Madagascar" niara-nisalahy nanatanteraka ity hetsika ity. Ny fambolen-kazo moa dia anisan'ny anjara biriky entin'ny Solika groupe ho amin'ny ho avy tsaratsara kokoa ho an'ny taranaka sy ho an'i Madagasikara. Raha tsiahivina kely, dia fikambanana iray, izay niforona tamin'ny taona 2019 ity fikambanana ity, mpitarika fikambanana samihafa maromaro no mivondrona ao. Tanora maromaro no nikambana, nahatsapa fa mety ahavita zavatra bebe sy maharitra kokoa raha manambatra ny talenta sy fahaiza-manao, fahaizana (fianarana nataony) ary indrindra finiavana sy fanaovana an-tsitrapo, hananany avy ho amin'ny fampandrosoana ny firenena. Araka izany dia saika iantseharan' ny fikambanana ity avokoa na ny tontolo iainana, ny sosialy, ary ekonomika. Mbola betsaka ny ezaka, mbola lavitra ny lalana, mbola sarotra ny ahatratrarana ny tanjona, fa tsy mahasakana an'ireto tanora ireto izany fa dia mandeha araka ilay teny filamatr'izy ireo hoe: "Tsiky sy fitia no hasetry". Marihana moa fa tena manao asa an-tsitrapo ary mandeha amin'ny herin' ny tsirairairay avy ny fikambanana fa tsy mbola manana mpanohana. Misokatra sy afaka miara-miasa amin'ny rehetra araka izany izy ireo ho an'izay te hanampy azy ireo ka ho an'izay te hifandray dia afaka miditra ao amin'ny hafatra amin'ny kaonty fesiboky: "Assoc SG".

**Tanya.R**

AJSM - Fahoriana

# Nodimandry i Donga William



**Mandria am-piadanana letsy Donga a !**

Lasan'Andriamanitra tamin'ny faran'ny herinandro teo, rehefa nivahiny teto an-tany nandritra ny 50 taona ny namana mpanao gazety Donga William, mpikambana fahiny tao anatin'ny "Association des Journalistes Sportifs de Madagascar", niova ho "Union des Journalistes Sportifs de Madagascar" ankehitriny. Nitàna ny toeran'ny lohalaharana mpanafika izy tao amin'ny ekipan'ny AJSM, ka anisan'ny nahatsiarovana azy ny fahaizany mandaka baolina mafy. Araka ny fanamarihana voaray tamin'ny mpiara-miasa taminy, dia tratry ny fahatapahan'ny lalan-drà (AVC) i Donga tamin'ny alarobia 13 desambra 2023. Nampidirina teny amin'ny hopitaly miaramila Soavinandriana ny tenany kanefa moa dia tsy tana intsony ny ainy, na dia nanao ny fara-heriny tamin'ny fitsaboana azy aza ny mpitsabo. Mialoha ny nahafaty azy dia nitana ny andraikitry ny « Redacteur en Chef Adjoint » tao amin'ny Radiompirenena Malagasy ny tenany. 23 taona no niasany tao amin'ny RNM. Tsy nilaza vaovao ara-panatanjahantena intsony izy fa nisahana ny fandaharana ny hetsika nataon'ny mpitandro filaminana amin'ny fiarovam-pirenena. Mialoha ny nitondrana ny vatana mangatsiakany any Vohemar misy ny tanindrazany, ary hanaovana ny fandevenenana azy, dia nampandalovina teny amin'ny foiben'ny ORTM Anosy misy ny toeram-piasany ny fiarakodia nitondrana azy. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mampionona sy mampahery ny ankohonany sy ny fianakaviany.

**aris rafaly**

Tarika Imanga Mandimby

# Nanafana hetsika iray teny Ivato indray tamin'ny alahady



**Ireo ao anatin'ny tarika.**

Nanafana hetsika iray teny Ivato indray ny tarika Imanga Mandimby tamin'ny alahady lasa teo. Hetsika iray izay nentina nahatsiarovana ny jeneraly Tahiry Rarivomanana izay nokarakarain'ny ekipan'ny ABMI sy Président Miary Razafinarivo mivady moa izy ity. Ankoatra ny tarika, dia anisan'ny nanafana izany hetsika izany koa ny Ankay Betatoato. Teo ny hetsika ara-kolontsaina fa nisy ihany koa ny fifaninanana tsipy kanetibe satria anisan'ny fialamboly nankafizin'ity jeneraly ity izany fony fahavelony. Teo koa ny fizarana nofon-kena mitam-pihavanana. Zava-dehibe ho an'ny tarika Imanga Mandimby moa ny nandray anjara tamin'izao hetsika izao mba ahafantaran'ny olona azy ireo bebe kokoa hatrany. Raha tsiahivina mantsy dia tarika iray izay hamelo-maso ireo sanganasan'i Bakomanga izy ireo izay marihana fa ataon'izy ireo amin'ny fomba maoderina izany. Mbola azo lazaina ho betsaka ny tsy mahalala azy ireo satria vao haingana ihany no niforona ka amin'ny alalan'ny hetsika tahaka izao no mba ampahafantaran'izy ireo amin'ny be sy ny maro ny zavatra ataony.

**Tanya.R**

Randrianasolo Alyah

# Zazavavikely teraka tamin'ny misasakalin'ny Noely

Hafaliana ny an'ireto Ray aman-dReny nidiram-pahasoavana. Teraka tao amin' ny "Pavillon Ste Fleur" Anosy, ny alin'ny 24 desambra tamin'ny 12 ora tsy diso ny zazavakely Randrianasolo Alyah. Milanja 3, 675 kilao. Zanaka voalohany an'i Randrianasolo Christian sy Rafaranirina Patricia Ignace. *"Tsy nampoizina mihitsy ny hoe ho teraka andro krismasy na misasak'alina. Efa tamin'ny 23 desambra lasa teo no nanomboka nihetsiketsika, ary intelo niverina taty amin'ny hopitaly vao teraka."*, hoy Rafaranirina Patricia, reny niteraka an'i Alyah. Tamin'ny 11 ora sy sasany alina mahery dimy minitra tamin'ny 24 desambra kosa no teraka tao amin'ny hopitaly Befelatanana ny zazavavikely, Andrianiaina Anah, zanak'i Kantomijery Miarintsoa voalohany. Nampidirina anaty "Couveuse" moa ity zazavavikely ity noho izy teraka tsy ampy lanja, satria 940 grama ny lanjany. Vitsy ireo zaza teraka tamin'ny alin'ny 24 desambra sy ny marainan'ny 25 desambra tao Befelatanana, satria zaza iray ny tamin'ny alina ary iray hafa ny maraina talohan' ny nahatongavanay teny an-toerana tokony ho tamin' ny 9 ora maraina. Na izany aza, nilaza ny ekipan-dry rasazy Tiana sy rasazy Gisèle nandray anay teny an-toerana fa vonona mandrakariva amin'ny fandraisana ireo reny tonga hiteraka.

**R. Muray**



**Hafaliana tsy omby tratra ny an' ny Ray aman-dRenin-dRandrianasolo Alyah fa nahazo fahasoavan-dehibe. (Sary : Kelly R.)**

Naivo Raholdina - Antanandrano

# Nahazo didy raikitra ny mpandova, saingy mbola andrasana

Voavaha avokoa ny olan'ny ady tany rehetra nanerana ny Nosy tamin'ny fitondran' ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina, ny vaomieran'ny fananantany teo anivon'ny Antenimierampirenena. *"Efa nandresy ny mpandova ary efa resy ilay orinasam-pifandraisana. Nisy fitarainana azonay fa efa teny amin'ny lalantsara ny didy raikitra dia nofitahana ilay mpisolovava hoe: ento aty fa misy diso iny. Hay tsy misy diso akory, fa nalaina tany amin'ny Minisitera ary nalefa bordereau ho dinihana any izay ananay sary izany. Efa natolotro an-dRtoa Minisitry ny fitsarana ny momba anio raharaha io ary zonay no mametraka fanontaniana hoe : inona no antony tompoko nakan'ny Minisitera an'io Grosse io? Ary nanoratra any aminy ny tenako izay andrasana ny valiny. Aoka isika tomponandraikipanjakana rehetra mba tsy ho matin-kenamaso amin' izay orinasa miliaridera eto amintsika, ary hentitra aho milaza an'izay"*, hoy ny Depiote Naivo Raholdina, noho ny maha-filoha lefitry ny Antenimierampirenena ho an'ny faritanin'Antananarivo azy. Araka izany efa nahazo didy raikitra ireo tompon'ny tany eny Antanandrano ary efa azon'izy ireo ny tany 30ha saingy hatramin'izao dia lasa mbola andrasana indray izay ho tohin'ny raharaha. *"Nahazo didy raikitra ara-dalàna tsara ry zareo: milaza fa an'ireto mpandova ireto ny tany tsy misy adihevitra intsony. Rehefa azo anefa izany dia nalaina ankafetsena teo am-pelatanan'ny mpisolovava mikarakara an' io didy raikitra io. Hatramin' izao nanjavona ka tsy hita io didy raikitra io, ka noho izany dia mitodika tanteraka izahay any amin'ny tomponandraikitra mahefa hijery akaiky ny raharaha. Ny didy raikitra dia didim-pitsarana tsy azo hivalozana ary azo tanterahana avy hatrany fa misy soratra fa an'ireo mpandova ny tany"*, hoy kosa ny Me Danielle Randrefy, mpisolovava. Raha ny fantatra dia efa nisy fanadihadiana Parlemantera vita ny mahakasika an'io olan'ny tany io.

**HAR**

MaMa FC

# Mamolavola ankizy 180

Efa nisy roa volana no nisokafan'ny sekolin'ny baolina kitra MAMA FC. *"Mahavelombolo ny zava-misy. Mirobo-robo hatrany ny sekoly ary tena mavitrika ireo ankizy. Misy eo amin'ny 180 izy ireo no volavolaina eto ankehitriny. Ankizy manomboka amin'ny enina ka hatramin' ny 15 taona no raisina eto. Isaky ny alarobia hariva sy sabotsy maraina no mianatra sy manao ny fanazarantena."*, hoy Rakotoarijaona Julien, tale miandraikitra ny aro loza eo anivon' ny MAMA no sady mpitantanana ny sekolin'ny baolina kitra MAMA FC. Notanterahina tamin'ny sabotsy lasa teo, tao amin'ny kianja filalaovam-baolina an'ity trano fiantohana ity any Imerintsiatosika, ny famaranana ny taona 2023 ho an'ireto ankizy ireto. Nisy ny lalao fifaninanana niarahana tamin'ny ekipan'i Tsorabitsika, izay nentina namalifaliana ireto farany. Roa tamin'izy ireo no nivoaka mpandresy ary ho solontenan'ny MAMA FC mandritra ny lalao karakarain'ny Tsorabitsika ao amin'ny Lapan'ny fanatanjahatena Mahamasina amin'ny faran'ity herinandro ity.

**Faha-55 taona**

Nomarihina tamin'io fotoana io koa ny faha-55 taonan'ny trano fiantohana MAMA. *"Ity fotodrafitrasa eto Imerintsiatosika ity dia tsangambaton'ny faha-55 taona. Nisy ny fivoarana nihoatra ny tamin'ny 10 taona lasa. Eo amin'ny 100 latsaka ireo masoivoho miparitaka manerana ny Nosy ary tena vitsy ireo toerana mbola tsy tonganay. Maherin'ny 200 ireo mpikambana ankehitriny. Tena ilaina ny fiantohana fa tsy natao hitsoahana mpitandro ny filaminana fotsiny. Manodidina ny 7 miliara Ariary isan-taona ny tetibola lany amin'ny fiantohana ireo loza maro samihafa mahazo ireo mpikambana."*, hoy hatrany Rakotoarijaona Julien.

**R. Muray**

Antananarivo Renivohitra

# Nilatsaka ny havandra

Anisan'ny nanamarika ny andro Noely teto an-dRenivohitra ny filatsahan'ny orana. Ny harivan'ny 24 desambra dia efa avy be ny orana ary mbola nitohy ny tamin'ny harivan'ny 25 desambra, ary tena nanavandra mihitsy. Naharitra teo amin'ny antsasakadiny ny orana narahina havandra omaly. Nivatravatra ny orana ka vetivety dia nananika ny arabe ny rano tamin'ny faritra sasany teto an-dRenivohitra. Raha ny nambaran' ny foibe famantarana ny toetr'andro dia mbola hitoetra hatrany ny orambaratra ny amin'ny anio any amin'ny faritra Diana, Sofia, Betsiboka, Sava, Analanjirofo, Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Alaotra Mangoro, Analamanga, Bongolava, Itasy sy Vakinankaratra, ary ny ilany atsinanan'ny faritra Matsiatra Ambony sy Amoron'i Mania ary Ihorombe.

**R. Muray**

Fetin'ny Noely

# Feno hipoka ny fiangonana

Manan-danja lehibe amin'ny finoana kristianina ny andro noely. Raha ny teto an-dRenivohitra manokana dia navitrika nivavaka ny olona, ka feno hipoka avokoa ny fiangonana. Voatery nanao fandaminana manokana ireo fiangonana niatrehana izany. *« Nanao fidirana indroa ny fiangonana tamin'ity anio ity. Nahatratra 2 000 mahery ireo olona tonga tamin'ny fidirana voalohany. Tamin'io fotoana io koa no nanaovana ny voka-dehibe sy ny adidy ary ny asan'ny fiangonana. Tamin'ny fidirana faharoa no nanatanterahana ny sakrametan'ny batisa. Nandritra ny herinandro no nankalazana ny krismasy ataon'ireo sampana sy fikambanana maro samihafa eto amin'ny fiangonana ary mamarana azy ny sekoly alahady. Feno ihany koa ny fiangonana tamin'ny alahady.»*, hoy Pasitera Ranaivoniarivo Tiana Alisoa, mpitandrina ao amin'ny FJKM Atsimon'i Mahamasina, omaly.

**Fidirana indimy**

Nanao fidirana indimy ny tao amin'ny EKAR Md JOSEFA Mahamasina ary namoaka seza teny ivelan'ny fiangonana ho fandraisana ireo olona tonga marobe. Tamin'ny 5 ora sy sasany maraina ny fidirana voalohany, ary nahazo olona maherin ny arivo. Tamin'ny 7 ora maraina ny faharoa, tamin'ny 9 ora sy sasany maraina ny fahatelo, tamin'ny 11 ora antoandro ny fahefatra, ary tamin'ny 5 ora hariva ny fahadimy. 4 000 mahery ireo olona no nandrasan 'ny EKAR Md JOSEFA Mahamasina ho avy omaly. *« Tsy mihena fa mitombo ny isan'ny olona tonga mivavaka ary vao mainka mankahery sy mamaha ny olan'ny mpino manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena, ny fahasahiranana eo amin'ny fiarahamonina, ny fiakaran'ny vidimpiainana, sns. Efa tamin'ny sabotsy no nanao kaonseritra noely ny antoko mpihira. Nanombohana ny fiomanana amin'ny noely tamin'ny alahady ny noelin'ny ankizy isaky ny faritra, ary nanao ny anjarany koa ireo tanora isaky faritra, ka feno hatrany ny fiangonana. Tsy nahasakana ny olona ny toetr'andro tamin'ny nanaovana ny sorona masina tamin'ny sasak'alina, izay natao tamin'ny 7 ora hariva noho ny toetr'andro sy ny tsy fandriampahalemana. »*, hoy ny Pretra Rakotomahefa Pierre Martial, Vikera ao amin'ny EKAR Md JOSEFA Mahamasina.

**R. Muray**

Analakely sy ny manodidina

# Nifanitsa-kitro ny olona, nitohana ny fifamoivoizana

Manintona olona hatrany ny eto an-dRenivohitra isaky ny fetin'ny faran'ny taona toy izao. Hipoka olona tanteraka ny teny Analakely, Antaninarenina, Soarano, ary Behoririka nanomboka ny sabotsy lasa teo, ka nifanitsa-kitro arabakiteny mihitsy. Nitohana vokatr'izany ny fifamoivoizan'ny fiara niditra an'Analakely. Ho an'ireo namonjy fotoana maika dia voatery nidina ny taksibe ary nandeha antongotra. Tsy afa-nanoatra kosa ireo olon-tsotra nitondra fiara manokana, ka tsy maintsy niaritra ny fitohanana efa ho ora iray mihitsy. Nitaraina ho maty antoka ireo taksibe, satria mihena ny isan'ny fitaterana vitan'izy ireo ao anatin'ny iray andro kanefa mitombo ny solika lany. Nanao ny nataony koa ireo mpanendaka sy mpangaro-paosy, ka maro ireo olona lasibatra toy ireo voasintona finday eny ambony taksibe, very vola noho ny harom-paosy.

**Miantsena sy mitsangatsangana**

Miantsena avokoa ny ankamaroan'ireo olona miakatra ny tanànan'Antananarivo. Nanomboka tamin'ny sabotsy lasa teo mantsy vao nanam-potoana hanomanana ny fetin'ny krismasy ny tokatrano tsirairay, indrindra fa ireo mpiasa birao. Anisan'ny nambaram'ireo mpivarotra fa tena be mpanjifa ny akanjo sy ny kiraro ary ny kilalao. Ankoatra ireo tranom-barotra fahita mahazatra eny Analakely sy ny manodidina dia nisy ohatra ny Tsenaben'ny Noely notanterahana tao amin'ny garan'i Soarano. Mbola nahasahiraka olona marobe ankoatra ny fiantsenana koa ny fitsidihana ny tananan'Antananarivo na amin'ny andro na amin'ny alina, izay voaravaka jiro maroloko sy haingo maro isan-karazany raha tsy hilaza afa-tsy ny eny Ambohitsirohitra sy ny eny Antaninarenina ary ny eo amin'ny Lapan'ny tanana Analakely.

**R. Muray**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Debara, lakozia, kilalao, fanaka, machine, frigo, tél, lamba etc. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 708/20-6)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme ». 5 andro monja. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 703/20-16)

**VIDANGE**

* Vidange wc : débouchage, nettoyage, puisard. Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 701/20-16)

Ivato

# Vehivavy hita faty tao an-tranony, efa simba tanteraka ny lohany

*Mbola nihidy "cadenas" avy ao anatiny ny vavahady ka voatery nopitsohan'izy ireo izany nahafahany niditra tany anatiny.*

Vehivavy iray 43 taona no hita faty tany an-tranony teny Ivato omaly tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany maraina. Efa simba tanteraka ny lohany raha ny fahitan'ny nanatri-maso ny razana. Hatairana ny an'ny olona teo amin'ny manodidina raha naheno feonjaza mitomany avy ao anaty trano iray teny an-toerana. Nampiahiahy ireo manodidina ny zava-nitranga ka niantso ny tomponandraikitry ny fokontany izy ireo ary io indray avy eo no nampandre ny zandary teny an-toerana. Raha vao naheno mikasika ny zava-nitranga ireo mpitandro filaminana dia nandeha nidina ifotony teny an-toerana nanamarina sy nanao fizahana ny zava-nitranga niaraka tamin'ny lehiben'ny mpitsabo tao amin'ny CSB-II Ivato. Tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany amin'ilay trano voalaza dia mbola nihidy "cadenas" avy ao anatiny ny vavahady ka voatery nopitsohan'izy ireo izany nahafahany niditra tany anatiny. Nony tafiditra tao dia hita mikorontana tao amin'ny efitrano voalohany. Ary tao amin'ny efitrano faharoa no hita ilay vehivavy efa maty ary io efa simba tanteraka io ny lohany.

**Efa misy ahiahiana**

Araka ny fanazavana azo dia mety efa teo amin'ny telo andro teo no efa maty ity vehivavy ity. Nisy zazalahikely tokony ho 3 taona mbola velona niaraka taminy tao amin'ilay trano tamin'io. Taorian'ny fizahana nataon' ireo tomponandraikitra ireo dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana. Efa nandeha avy hatrany kosa ny fanadihadiana ka efa nisy ny olona noahiahiana ho tompon'antoka tamin'izao fahafatesan'ilay vehivavy izao. Efa natao andrimaso any amin'ny zandary izy ary mitohy ny famotorana.

T.H

Anosizato Andrefana

# Jiolahy telo saika hanafika maty voatifitry ny zandary

Jiolahy telo no maty voatifitry ny zandary ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora alina teny Anosizato Andrefana. Nisy andian' olona nampiahiahy nivezivezy teny amin'ny manodidina. Nitondra basy tany anaty akanjony ry zalahy ireo tamin'io fotoana io ary fantatra fa nikasa hanao fanafihana mitam-piadiana teny an-toerana. Nanoloana izany, nisy niantso avy hatrany ny zandary ka vantany vao nandre izany izy ireo dia nandeha nidina ifotony. Tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany dia hita tokoa ireo andian' olona voalaza ireo saingy raha vao nahita ireo mpitandro filaminana ry zalahy dia lasa nandeha nitsoaka. Raikitra avy hatrany ny fanenjehana azy ireo ary nasaina nijanona ry zalahy ary efa nomena fampitandremana. Tsy nanaiky izany anefa izy ireo fa sady nandositra no namoaka basy nitifitra ireo zandary nanenjika azy ireo.



**Basy iray tratra**

Nanoloana io dia niaro ny tenany ireo mpitandro filaminana ka voatery nitifitra ihany koa ary nandritra izany no niantefa teny amin' ireo jiolahy telo ny balan'ny zandary. Naratra mafy izy ireo ary noho ny fahaverezan-drà be loatra dia tsy tana intsony ny ain'izy ireo. Basy vita gasy iray no tratra teny amin'izy ireo ary nosavaina dia nahitana bala efa nokosehana tsy misy nimerao. Taorian'ny fizahana nataon'ny mpitsabo dia naterina tany amin'ny tranompatin'ny hopitaly hjra ireo razana ireo miandry ny hakan' ny fianakaviany azy eny. Mitohy kosa ny fikarohana ataon'ny zandary ny naman' ireto maty ireto.

T.H

Fieferana Avaradrano

# Tokantrano telo voatafika indray alina

Tokantrano telo no notafihin' ny jiolahy tany amin'ny tanàna samihafa tao amin'io kaominina Fieferana eny avaradrano. Ny roa tamin' izy ireo voatafika tany amin' ny tanàna antsoina hoe Anjafikely fokontany Soanarivo any amin'ny kaominina Fieferana avaradrano. Tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany alina no tonga nanao ny asa ratsiny tany an-toerana ireo andian-jiolahy mitam-piadiana. Niditra an-keriny tao amin'ny tokantrano iray izy ireo ary rehefa nandrahona ny tompon-trano dia naka izay tiany nalaina ka radio sy finday no lasan-dry zalahy tany. Rehefa izay dia lasa nifindra tao amin'ny trano iray hafa indray ry zalahy. Toy ny fomba nataony tao amin'ilay trano voalohany io ihany no nataony tao amin'ity trano faharoa notafihiny ity. Ka rehefa voafehiny ny tao antrano rehetra dia lasan-dry zalahy ny entana tao toy ny zava-pisotro sy sigara. Lasa nitsoaka ireo jiolahy taorian'izay ary efa nampandrenesina ny zandary ka tonga nidina ifotony tany an-toerana sy nikaroka azy ireo niaraka tamin'ny fokonolona.

**Hafa koa**

Mbola teny am-panarahandia an'ireo jiolahy anefa izy ireo tamin'io fotoana io no nahazo antso indray fa nisy tokantrano hafa voatafika tany Ambondrona avaratra fokontany Ambohitriniandriana kaominina Fieferana ihany. Tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany tamin'io fotoana io no tonga nanao ny asa ratsiny tao indray ireo mpanafika. Vola mitentina 150 000 ariary sy finday iray ary batterie iray no lasan-dry zalahy tao. Nitsoaka izy ireo avy eo ary nizotra nankany andrefana ny lalany. Nandeha nidina ifotony teny amin'io toerana io ny zandary ary mitohy ny fikarohana ireo jiolahy mpanafika.

T.H

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny antoky ny fahasambarako dia miainga avy amin'ny tanako, izay singa iaingan'ny fahombiazako. Mampy saina tia mikaroka sy vonona handanjalanja dia tafita foana hatrany raha mbola eto an-tany.»

Ny Vetso (08.06.16)

Anosipatrana

# Raikitra ny fifampitifirana, jiolahy 2 maty, polisy iray naratra

Nirefodrefotra ny basy teny amin'ny faritra Anosipatrana teny ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro. Jiolahy roa no maty voatifitry ny polisy tamin'izany. Fa tetsy ankilany ihany koa dia polisy iray no naratra. Araka ny fanazavana azo dia nanomana fanafihana teny amin'ny manodidina ny 67 ha sy Andohatapenaka teny ireto jiolahy ireto tamin'io fotoana io. Voalaza fa fivarotana entamadinika no saika hokendren'izy ireo hanatanterahana ny asa ratsiny. Raha vao nahazo io loharanom-baovao io ny polisin'ny Sag dia nandeha nidina ifotony avy hatrany ka tamin'izany indrindra no nifanehatra tamin'ireo jiolahy teny Anosipatrana izy ireo. Raha vao nahita ireto polisy ireo olon-dratsy avy dia nitifitra. Ka nanoloana izany dia tsy maintsy nampiasa ny fitaovam-piadiana teny aminy ihany koa ireo mpitandro filaminana ary namaly tifitra. Dia raikitra teo ny fifampitifirana teo amin'ny roa tonta ka ireo nitarika ny fahafatesan'ireo jiolahy miisa roa ireo. Dia polisy iray ihany koa no naratra nandritra io fifandonana io. Nisy ny fisavana ireo jiolahy maty ka nahitana basy vita gasy iray teny amin'izy ireo tamin'io. Efa nentina namonjy toerampitsaboana moa ilay polisy naratra taorian'izay ary ireo jiolahy maty kosa nalefa teny amin'ny tranom-patin'ny hopitaly HJRA miandry ny hakan'ny fianakaviany azy ireo eny.

T.H

Akon'ny fetin'ny Krismasy

# Olona 1 maty, 100 notsaboina teny amin'ny hopitaly

Tamin'iny fetin'ny krismasy iny dia olona manodidina ny 100 no tonga notsaboina teny amin'ny hopitaly Hjra ny andron'ny 24 desambra hatramin'ny 25 desambra maraina, araka ny fanazavana azo. Nisy tamin'izy ireo no afaka nody avy hatrany rehefa nahazo fitsaboana sahaza fa tao ihany koa anefa ireo voatery najanona nanaraka fitsaboana teny. Fantatra fa 18 tamin'ireo dia tratran'ny lozam-pifamoivoizana ary 18 ihany koa no naratra vokatry ny adiady.
Tamin'io andron'ny krismasy omaly io ihany koa dia razana iray no tonga tao amin'ny tranom-patin'ny hjra omaly antoandro. Io razana io dia fatin-dehilahy hita maty andrano teny Ambohitrimanjaka tamin'io andro io ihany. Olona teny an-toerana no nahita ny razana ka niantso ny teny amin'ny manodidina. Nampakarina an-tanety ilay razana avy eo ka hita efa simba ilay razana. Nantsoina ny teo anivon'ny bmh avy eo nanatitra ny razana teny amin'ny tranom-patin'ny hopitaly. Efa tonga teny ny fianakavian'ny maty. Tsy fantatra aloha hatreto izay antony nahatonga ny fahafatesan'ity lehilahy ity tao anaty rano tao.

T.H






MANAL'AZY DE MI'MEME



## TENY MIAFINA N° 728

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

***Vakiana tsotra ny valiny.***

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| K | E | O | K | S | I | F | A | Z | L |
| N | O | M | L | I | B | Z | I | M | N |
| F | S | H | M | H | J | O | N | Z | L |
| H | M | O | J | J | D | N | D | A | R |
| E | F | D | M | D | F | E | N | O | T |
| H | M | K | L | K | J | N | A | D | E |
| L | S | L | D | F | M | O | M | F | D |
| F | O | J | Y | A | B | A | J | D | E |
| R | E | B | J | V | I | Z | V | J | B |
| A | L | E | Y | E | K | F | K | L | ■ |

07 litera

### Val in'ny teny miafina 727 : VIAVY

### VALIN'NY Kakuro 727

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 6 | 2 | \ | 1 | 8 | | 7 | 1 | 8 | 4 |
| 9 | 8 | 3 | 7 | 2 | 6 | \ | 8 | 5 | 9 | 6 |
| \ | 9 | 4 | 8 | 5 | 7 | 6 | 3 | | 7 | 2 |
| 9 | 7 | 1 | \ | 4 | 9 | 2 | 1 | \ | 6 | 1 |
| 1 | 5 | \ | 1 | 3 | \ | 7 | 2 | 1 | 4 | 3 |
| | \ | 1 | 9 | 6 | 2 | 8 | 5 | 3 | | |
| 8 | 1 | 2 | \ | 7 | 1 | 9 | 6 | 4 | 2 | 8 |
| 4 | 2 | 3 | 1 | 9 | 6 | \ | 4 | 2 | 1 | 3 |
| 9 | 7 | 8 | 5 | \ | 3 | 8 | 9 | 6 | 4 | |
| | \ | 4 | 2 | 8 | 7 | 9 | \ | 5 | 3 | 1 |
| 2 | 7 | 6 | 4 | 9 | 8 | \ | 1 | 8 | 5 | 2 |
| 3 | 9 | 7 | 8 | | 4 | 8 | 2 | 9 | 7 | 5 |
| 1 | 2 | 5 | 3 | | 5 | 9 | 7 | | 9 | 6 |

### VALIN'NY TENY MIRANDRANA Lah. 7753

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| V | ● | K | I | K | I | S | A | K | O |
| A | T | O | R | O | ● | A | T | ● | ● |
| T | A | K | O | N | A | K | O | ● | M |
| S | I | O | ● | G | ● | A | K | I | A |
| I | Z | A | H | O | ● | N | I | ● | T |
| N | A | ● | E | N | ● | A | S | ● | S |
| I | N | ● | N | A | H | O | A | N | A |
| ● | A | ● | O | ● | E | ● | N | ● | T |
| ● | O | ● | K | I | T | R | A | ● | S |
| ● | ● | B | O | K | I | N | I | ● | O |

## HAFATRA MIAFINA

**Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.**





Valin'ny lalao omaly

**NIAFARATAMIN'NY FISAMBORANA AZY.**

## TENY MIDINA

1. Mpampitohy
2. Zera
3. Gidro
4. Lako
5. Mahery am-bava




**Valin'ny TENY MIDINA omaly**

1. FO
2. AFO
3. FAKO
4. OFAKA
5. BAFOKA

## DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.
Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. *Fito* izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?







## LALAO : TELOMIOVA

Tsipiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo,

***atambaro dia ho hitanao ny valiny***

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| O | O | K | A | L | E | M | A | N | M |
| N | A | A | N | R | F | R | T | T | T |
| A | I | N | D | A | T | E | E | I | E |
| F | G | A | E | I | R | I | N | N | V |
| O | I | N | F | M | N | I | D | O | A |
| I | K | A | A | I | A | O | A | A | I |
| N | R | I | S | R | N | L | K | K | M |
| A | L | K | A | A | A | A | O | O | O |
| O | O | O | K | V | N | S | A | V | N |
| I | V | S | O | I | O | I | N | A | I |

| | | | |
|---|---|---|---|
| OVAIKO | NARIAKO | SARANGA | VOLAMENA |
| FENOI | RAFITRA | TENDAKO | VOARAINI |
| MAILO | FIASANI | NIAFINA | SOLOINAI |
| VOALAVO | ADINOKO | NAMELAKO | ANDEFASAKO |

**- Valin'ny lalao omaly : - MIOMANA - KOSA**

## NY TONONANDRONAO TALATA 26 DESAMBRA 2023

**Asorotany 18 aprily - 14 may**
ASA: Asa vita no hitsarana anao
FITIAVANA: Aza avela hiady irery izy fa mila anao mba ho eo anilany

**Alahasaty 15 may - 12 jona**
ASA: Mila manao fiakanjo maontina ianao mba ho fanajanao ireo mpiara-miasa ary indrindra ny lehibe anao
FITIAVANA: Teo izy taloha tsy notiavinao fa rehefa eny an-kafa izy vao tsiriritinao

**Asombola 13 jona - 11 jolay**
ASA: Aza menatra mifona ianao raha nisy ny tsy nety nataonao tao amin'ny toeram-piasanao
FITIAVANA: Maro tokoa ny tsara saingy tsy misy ny toa azy

**Admizana 12 jolay - 10 aogositra**
ASA: Ahita fahombiazana lehibe ianao anio
FITIAVANA: Aza manahy ny aminy akory ianao fa efa ianao no tiany

**Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra**
ASA: Mila mihezaka mikaroka tsara kokoa nohon'ny efa vitanao hatrizay ianao
FITIAVANA: Efa niezaka nanao izay vitanao ianao fa rehefa tsy tamana izy dia omeo lalana

**Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra**
ASA: Matoa ianao miasa dia ho anao ihany izany ka aza atao kilalao izy io
FITIAVANA: Aza mihaino ny fanakianana misy eo amin'ny fiarahamonina ianareo roa

**Adijady 09 oktobra - 07 novambra**
ASA: Aza kivy amin'ny olana mitranga ianao fa mbola lavitra ny lalana ho diavinao
FITIAVANA: Aza manatena ny hiverina amin'ny lasa ianao fa banjino ny ho avy

**Adalo 08 novambra - 06 desambra**
ASA: Mila manampy ny mpiara-miasa aminao ianao anio raha efa mba mahafehy kely ny asa ihany
FITIAVANA: Tsy kilalao akory ny fitiavana


**Alohotsy 07 desambra - 15 janoary**
ASA: Aza manahy fa efa kely sisa dia ho mpandresy ianao
FITIAVANA: Raha toy izao foana ny fiarahanareo roa kely dia tsy hisaraka velively izany ianareo

**Alahamady 16 janoary - 14 febroary**
ASA: Ataovy am-pilaminana ny asanao fa sao vita kitotoa fotsiny
FITIAVANA: Mila mifidy tsara ny teny

**Adaoro 15 febroary - 15 martsa**
ASA: Mila tia tena ianao indraindray satria mety ahasoa anao ihany izany
FITIAVANA: Tena mifankatia tokoa ianareo roa ary tsy misy laingalainga mitsy eo amin'ny fiarahanareo

**Adizaoza 16 martsa - 14 aprily**
ASA: Aza diso manapatapaka foana ianao sao ka ho tezitra ny lehibe anao
FITIAVANA: Raha fitia tsy natao ho anao mitotoa koba hatavy

## TONDRO-TENY




### Valin'ny tondro-teny omaly

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| M | A | H | I | T | A |
| A | N | ● | R | A | R |
| M | A | ● | A | V | I |
| A | L | A | K | A | ● |
| F | A | T | A | K | A |
| A | N | I | ● | O | R |
| ● | A | N | A | ● | O |

## TENY MIRANDRANA Lah. 7754

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| ILAI | AOKA | ATONOI | TONTOLO | AVIAVIBAI |
| LOVA | NILA | ORAMBE | NAMBABO | TSENTSINA |
| LERA | FAOBE | OTRANAI | ATAONAI | OLOMBELONA |
| ASIO | FADIO | ESORIKO | KAMBOTI | |

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | ■ | | | | | | | | ■ |
| | | ■ | | ■ | ■ | | | | |
| | | | | | | | ■ | | |
| | | | | ■ | | | ■ | | |
| | | ■ | | | | | | | |
| | ■ | | | | | | ■ | | |
| | | | | ■ | | | ■ | ■ | |
| | | | ■ | | | | | | |
| | | | | | | | | | ■ |
| ■ | | | | | ■ | | ■ | ■ | ■ |

## KAKURO 728

| | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 10 | 39 | | 10 | 11 | 26 | | 11 | 35 | 42 | 30 |
| 11 | | | 16\21 | 4 | | | 14 | | | | |
| 24 | | | | | | | 18\29 | | | | |
| 27 | | | | | 44\23 | | | | | | |
| | 21\29 | | | | | | | 11\16 | | | |
| 14 | | | | 15\25 | | | | | | | 10 |
| 16 | | | 28\16 | | | 40\13 | | | 27\10 | | |
| 29 | | | | | | | | 27\11 | | | |
| | 10 | 28\26 | | | | | 5\26 | | | | |
| 45 | | | | | | | | | | 14 | 30 |
| 23 | | | | 18\32 | | | | | | | |
| | 8\16 | | | | | | 9\13 | | | | |
| 11 | | | | | 6 | | | | 10 | | |
| 28 | | | | | 22 | | | | 7 | | |

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

## MAHASOA

Ravim-bomanga sy tongolo bena hodiny ampangotrahana dia iny no hanakobanana ny volo amin'ny farany rehefa manasa loha raha toa ka diso miongotra be ny volo.

## AMPITENENO NY BANGA

**Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany**

VOA .. FA

NA .. AKO

MPI .. NO

Valin'ny lalao omaly : BEMIRAY + MANAKONA + NEFAIKO = MIRAKOFA

## RESAK' HEHY

Haka vola any amin'ny banky ilay ramatoa ka nanontany azy ilay mpiasa teo amin'ny fandraisam-bola.
- Iza no anaranao azafady ?
- Valisoa tsy misy "H".
- Iza hoe ?
- Valisoa tsy misy "H"
- Fa iza no miteny anao madama fa misy "H" ny Valisoa
- Indroa mihitsy anie aho no nilaza fa tsy misy "H" e. Ianao no mila mihaino tsara.

## Sarisary zary tenany

*Ilay akoho vahiny*





## Masoandro Miposaka

**Lioka 1 : 46-47**

46 Ary hoy Maria: Ny foko mankalaza ny Tompo,

47 Ary ny fanahiko efa ravoravo tamin'Andriamanitra, Mpamonjy ahy;

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

*Anarana Efa lehibe*







## Ohabolana



**Borera sy voantay mitolona, loha no amantarana azy.**

Un scarabée et un bousier se battant ensemble, on ne les reconnaît plus qu'à leur tête.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3133**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | 5 | | | 9 | | |
| | | 8 | 7 | | | 6 | 2 | |
| 9 | | | | 2 | | | 5 | |
| | 6 | | | 7 | 5 | 3 | | |
| | | | | | | | | |
| | | 3 | 1 | 4 | | | 7 | |
| | 8 | | | 5 | | | | 3 |
| | 7 | 4 | | | 3 | 2 | | |
| | | 5 | | | 9 | | | 7 |

Valin'ny laharana **3132**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 7 | 1 | 9 | 3 | 4 | 6 | 5 | 8 |
| 3 | 4 | 6 | 5 | 8 | 2 | 1 | 7 | 9 |
| 5 | 8 | 9 | 6 | 7 | 1 | 3 | 2 | 4 |
| 4 | 2 | 5 | 8 | 1 | 9 | 7 | 3 | 6 |
| 9 | 6 | 3 | 4 | 5 | 7 | 8 | 1 | 2 |
| 8 | 1 | 7 | 3 | 2 | 6 | 9 | 4 | 5 |
| 7 | 9 | 8 | 2 | 4 | 3 | 5 | 6 | 1 |
| 6 | 3 | 2 | 1 | 9 | 5 | 4 | 8 | 7 |
| 1 | 5 | 4 | 7 | 6 | 8 | 2 | 9 | 3 |

Fikambanana ara-drazana Atsimo Andrefana

# Mitaky ny tohin'ilay fitifirana nahafaty olona 5 teny Andohanimandroseza

*Mbola misy vary mangatsiaka, andrasana amin'ny mpitandro filaminana nanao ny famotorana.*

Iray volana mahery eo ho eo taorian'ilay tifitra variraraka nataon'ny mpitandro filaminana, niantefa tamin'ny fiara iray teny Andohanimandroseza, ny 21 nôvambra lasa teo ka namoizana ain'olona 5, tsikaritra ho nangingina ny tohin'ny raharaha. Io tranga io izay tsiahivina fa niteraka resabe, teny amin'ny tambajotran-tserasera sy tamin'ny fampahalalam-baovao samihafa. Ny Zandary, andaniny nanao fanambarana fa jiolahy saika hanafika tokatrano ireo voatifitra ireo. Ny fianakavian'ny maty sy ireo nifanerasera tamin'ireo voatifitra kosa nanamafy fa tsy olondratsy izy ireo. Nisy tamin'izy ireo mihitsy aza no voalaza fa niara-niasa tamin'ny mpitondra fony fahavelony ary efa nitazona toerana ambony tao amin'ny ministera iray.

**Nivoaka tamin'ny fahanginany !**

Tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, nivoaka tamin'ny fahanginany ny fikambanana ara-drazana avy any Atsimo Andrefana ary nanao fanambarana, nitaky ny hamoahana ny marina mahakasika ny zanak'izy ireo, isan'ny notifirina, tany Androhanimandroseza, tamin'io daty voalaza eo ambony io. Antso niantefa tamin'ny mpitondra isantokony voakasik'io raharaha io izay antenain'izy ireo fa hamoaka ny vokatry ny fanadihadiana mahakasika io vono olona io. Nanamarika mantsy io fikambanana ara-drazana io fa *"tsy eken' izy ireo ho vonoina sanatria toy ny biby ny zanany, nefa nanana ny toerany sady mbola nanana ny hoaviny"*. Andrasana arak'izany izay ho vokatry ny fanadihadiana mahakasika io raharaha io, indrindra nisy fatiolona. Ankoatra izay nahazoambaovao ihany koa fa nisy tamin'izy ireo no tafaporitsaka tamin'ny fotoana nisian' ny fitifirana. Andrasana ihany koa ny tohin'ny vaovao : Efa voasambotra ve sa mbola karohina ? **V.R.**

Tsy nisy fitsaharany ny ady

# Matroka ny fankalazana ny Noely tany Bethlehem

Voarakitra ao anaty baiboly ary inoan'ny kristiana fa tany Bethléem no teraka ny zanak'Andriamanitra, ny 25 desambra, antony ankalazan'ny fiangonana ny Noely. Ny omaly manokana anefa dia matroka ny fanamarihana ny krisimasy tany Bethléem, noho ny daroka baomba ataon'ny Israeliana any Gaza, izay tsy nisy fitsaharany na dia ny andron'ny Noely aza. Daroka nitohy hatrany na dia nanao antso ny hampitsaharana ny ady aza ny Papa François, nandritra ny lahateny fanaony, tany Rome, isaky ny ankatoky ny fetin'ny Noely. Daroka izay marihina fa niteraka fahafatesana sy tsy fisian'ny sakafo hohanina no an'ny sivily tsy manantsiny ary mbola misy ihany koa ireo takalonaina, giazana. Ny ady eo amin'ny Israel sy Hamas izay tsiahivina fa efa naharitra 2 volana izao.

**V.R.**

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nizara hafaliana ho an'ny zokiolona sy ny kamboty noho ny Krismasy

Tsy nanadino ireo zokiolona sy ny ankizy sahirana ary kamboty eny Ambohimanarina ny depiote Todisoa Andriamampandry sy ny fianakavianany nandritra ny fetin'ny Noely teo. Toy ny fanaony isan-taona dia nikarakara hetsika nampifaliana ireo sokajin'olona eny amin' ny boriboritany faha-6 ireo ity olom-boafidy ity. Araka izany, nisy ny fanolorana fanampiana toy ny vary, hena, menaka, pâtes, savony, sira ary siramamy ho an' ireo zokiolona nataony ny sabotsy teo. Nizarana kilalao sy vatomamy ary mofo kosa ireo kamboty sy zanaky ny boriboritany faha-6 sahirana nandritra izany fotoana izany. Taorian'izany dia nanomana sakafo niarahany nihinana sy nikorana tamin'ireo zokiolona sy ankizy ary ireo fikambanana samihafa miahy ny sahirana eny Ambohimanarina ny depiote Todisoa sy ny fianakaviany. Nandritra izany, nisy ny hafatra sy fankaherezana ary firarian-tsoa nomen'ity olom-boafidy TIM ity ho an'ny zanaky ny boriboritany faha-6 sy ny Malagasy amin'izao fetin'ny Noely sy faran'ny taona izao. *"Na dia ao anatin'ny fahasahiranana sy vanim-potoana mikotroka aza isika dia mbola misy ny fanantenana ka tokony halavirina ny toetsaina mora kivy. Izany fetin'ny Noely izany dia mampahatsiahy antsika ny fahazavana, ny fihavanana ary ny firaisankina koa mifalia"*, hoy ny teniny. Nofaranany tamin'ny hoe tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy. **Mamy R.**



**Nanolotra fanomezana ho an'ny zokiolona ny depiote Todisoa teto.**

## Marina izany !

### Miharihary loatra...!

**Tsy mahasakana ny isan-tokatrano tsy hanomana, araka izay eo am-pelatanany ny fetin'ny Noely ny olana maro samihafa, toy ny fidangan'ny vidin'ny kojakoja ilaina andavanandro ; ny delestazy ; ny fahatapahan-drano ; ny tsy fandriampahalemana ; … Tsikaritra ho samy niezaka nanao izay tratrany, nampifalifaly ny fianakaviany ny isan-tokatrano. Tao ny niala ny renivohitra mba niova rivotra ; nisy ny nisafidy namangy fianakaviana. Ny ankamaroan-dRamalagasy, raha ny teto an-drenivohitra no resahina dia namonjy fiangonana, ny alin'ny 24 desambra sy ny omaly. Fetin'ny kristiana rahateo ny Noely ka heverina fa rariny sy hitsiny izany. Mahakasika ny fanomanana sy ny fankalazana ny fety dia tsy takona afenina fa sahirana ny ankamaroan'ny Malagasy. Hany ka ny fifampirariantsoa no sesilany. Anisan'ny nahatarafana izany ny fitarainan'ny mpivarotra ho zara raha mahalafo ny kojakoja ilain'ny isan-tokatrano amin'ny fety, toy ny akoho amam-borona ; ny hazo noely na dia efa nihena, miohatra amin'ny vidiny tamin'ny taondasa aza no namarotana azy ireny. Ho an'ny mpiasa amin'ny ankapobeny dia maro ihany koa no nangasihasy satria ankavitsiana no nizara fanomezana ny orinasa, na ny tsy miankina na ny miankina amin'ny fanjakana. Trangan-javatra mbola ahatarafana ihany koa fa mandalo fotoantsarotra ny fihariana eto amintsika, amin'ny ankapobeny. Na izany na tsy izany hita soritra eny amin'ny endriky ny ankamaroan'ny olom-pirenena ny hafaliana ao anatin'ny fety sy ny fanantenana, ny mbola hisian'ny andro mihiratra amin'ny ho avy. Ny Malagasy rahateo malaza mahay mifety sy mahay mionona amin'izay eo am-pelatanany!**

Voahangy Rakotozafy

Feon'ny Demôkrasia

# Gazety vaovao mitaky ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra

Tsy mitsaha-mitombo ny gazety mifototra amin'ny fampahalalam-baovao. Manampy isa ireo efa mijoro ny gazety anhabakabaka (sit-web), mitondra ny anarana : Feon'ny Demôkrasia izay nampahafantarina, tetsy amin'ny trano fiasan'ny holafitry ny mpanao gazety (OJM), etsy Ambohidahy, tamin'ny herinandro lasa teo. Nomarihin'ny mpitantana io serasera io fa zava-dehibe ny fahafahan'ny mpanao gazety maneho hevitra an-kahalalahana ary anisan'ny takiany izany. Nomarihin'ny tompon'andraikitra fa tokony hatao am-panajana kosa ny fanehoan-kevitra. Ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety sy ny fanehoan-kevitra, amin'ny ankapobeny izay tsy azo odian-tsy hita fa voasakantsakana tato anatin'ny volana maromaro. Endrika iray anisan'ny isehoan'izany ny fiantsoan'ny mpitandro filaminana, ireo mpampahalala vaovao na mpampaneno lakolosy, miatrika fanadihadiana, noho ny fanehoan-kevitra nataony, mety manohitohina olona ambony. Fomba fanao izay tsiahivina fa mifanohitra tanteraka amin'ny maha tany mandala ny demôkrasia an'i Madagasikara.

**V.R.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 452 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Jambon au poireaux

Zavatra ilaina : poarao lehibe 8, jambon didiny 8, gruyère râpé, dobera 50g, lafarina 100g, ronono 1litatra, noix de muscade, sira, dipoavatra.
Fikarakarana azy: Andrahoina mialoha ny poarao. Afanaina ny lafaoro (180 C). Amboarina ny béchamel: dobera, lafarina, ronono, sira, dipoavatra ary muscade no ampiarahina dia andrahoina ho masaka somary marihitra. Fonosina amin'ny jambons ireo poarao efa masaka. Atao anaty lasitra be velarana dia araraka ny béchamel sy ny gruyère râpé. Alefa anaty lafaoro mandritra ny 30minitra. Esorina rehefa masaka dia aroso avy hatrany.

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :



Joyeux Noël
à tous !
40 ANS
BANK OF AFRICA
BMCE GROUP
www.boamadagascar.com
GCL704/3-3